## FANKALAZANA NASIONALY
## NY ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY FIZAHANTANY
## 24 – 27 SEPTAMBRA 2026 – MAHAJANGA

**« Ny nomerika sy ny faharanitan-tsaina artifisialy (IA) entina hanavaozana ny fizahantany »** no lohahevitra nosafidian'ny Vondrona iraisam-pirenena misahana ny fizahantany amin'ity taona ity. Safidy izay manasongadina ny maha-fitaovana lehibe sy tsy afa-misaraka amin'ny fampandrosoana ny fizahantany maneran-tany ny teknolojia nomerika sy ny IA.
Manokatra sehatra vaovao ahafahana manatsara sy manavao hatrany ny tolotra ara-pizahantany ireo teknolojia ireo, ary mitondra fomba fiasa vaovao ho an'ny hoavin'ny sehatra. Zava-dehibe araka izany ny mahafantatra sy mandinika ireo fahafahana sy fanamby entin'ny nomerika sy ny faharanitan-tsaina artifisialy, mba hahafahana mampiasa azy ireo ho fitaovana mahomby amin'ny fampandrosoana maharitra ny fizahantany.

**Eo ambany fiahian'ny Filohan'ny Fanavaozan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Kolonely RANDRIANIRINA Michael, ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, hotronin'ireo manam-pahefana ao Mahajanga, dia hetsika maro samihafa no entina hanamarihana ity fankalazana haharitra efatra andro ity.**

Hisy tranoheva maherin'ny zato hampiray ireo mpisehatra matihanina amin'ny fizahantany, ny asa tanana, ary ireo orinasa misehatra manodidina ny sehatry ny fizahantany. Fotoana iray ihany koa izany hahitana sy hahafantarana bebe kokoa ireo harena sy tolotra ara-pizahantany mampiavaka ny faritra Boeny, toy ny toekarena manga, ny fahaiza-manaon'ireo mpanao asatanana, ary ny fitsidihana ireo toerana voajahary, toerana natokana ho an'ny fizahantany. Isany mampiavaka an'i Mahajanga ny fananany ireo toerana ahitana karazam-borona mahatratra hatrany amin'ny 111 karazany, toy ny « ibis sacrés, hérons, flamant rose ».

Hisy ihany koa ny adihevitra an-databatra boribory, handraisan'ireo vondron'ny mpandraharaha amin'ny fizahantany, ireo mpisehatra amin'ny nomerika ary ireo mpiara-miombon'antoka anjara. Hifantoka indrindra amin'ny tombontsoa entin'ny fanovana nomerika eo amin'ny sehatry ny fizahantany ny fifanakalozan-kevitra, ho fanatsarana ny tolotra sy ho fampiroboroboana maharitra ny fizahantany eto Madagasikara. Tanjona amin'izany ny hahatonga an'i Madagasikara ho toerana fizahantany mifandray kokoa, manavao ary mora idirana, sady afaka mamaly ny filàn'ny fizahantany maoderina.

Hetsika ankalazaina isaky ny 27 Septambra ny Andro Maneran-tany ho an'ny Fizahantany (JMT), ary fotoana iray hanasongadinana ny toerana sy ny lanjan'ny fizahantany eo amin'ny fampandrosoana sehatra maro, na ara-toekarena, na ara-tsosialy, na ara-kolontsaina.

Eo ambany fitarihan'ny Ministeran'ny Fizahantany sy ny Asatanana (MTA) no hanatanterahana ny fankalazana, iarahana amin'ireo mpisehatra amin'ny fizahantany, ny Ofisim-pirenena misahana ny Fizahantany eto Madagasikara (ONTM), ny sehatra tsy miankina ary ireo mpiara-miombon'antoka miara-miasa amin'ny Minisitera :

**PIC – NTD – SPAT – ACM - MNP - MADA OZI – TOP MADAGASCAR - GERP - YAS – ADEMA - ETHIOPIAN AIRLINES - EMIRATES - SOFITRANS - RADISSON BLU HOTEL – BAOBAB TREE HOTEL – COCOBEACH - SOOATEL – COCOLODGE – SKAR HOTEL – ANTSANITIA – LES ROCHES ROUGES - EXCELLENCE FARAVOHITRA – MALAGASY CAR – MADAGASCAR NATURE ET CULTURE - VITAFOAM – STAR - AFG BANK - ASSURANCES ARO – MADAGASCAR LOVE OF WONDERS**